Tsenaben'ny fahaleovantena

19 -25 jona eo amin'ny Parvis Analakely

Fanampim-panazavana : 033 73 486 20


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 8 Jona 2019 | Laharana 918 | Vidiny : 400 Ar

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


Jehovah, Madagasikara 05 jona 2019, hafatra manokana laharana 45 5

Fitondràna Rajoelina 2

## Sarintsarina fitsitsiana no ataony



Kianjaben' i Mahamasina 2

## Diabe ho an'i Kristy anio sabotsy



PAPA SOULÉ 2

Notolorana mari-panka-sitrahana noho ny asa sosialy vitany

2009 no mankaty 2

Marisarisa amin'ny fametahana sainam-pirenena ny vahoaka

Raharaham-pirenena 2

Mitohy ny fampiesonana manara-penitra

Daka kely

Ny vahiny ihany izany no hahazo kaly amin'ny fety ry Boaikely a !

Mpamonjy voinan'ny CUA 5

Nanao fanazarantena niaraka tamin'ireo mpanofana kanadiana



**Olan'ny Otiv Mahajanga**

# Tsy tokony ho andraikitry ny Filoha ny famahana azy

Tamin'ny fitsidihina ny faritra Boeny nataon'ny filohan'ny Repoblika Andry Rajoelina andro maromaro lasa izay, ka nampisy resabe teto amin'ny firenena, ny amin'ny nanaovany fampielezan-kevitra tamin'ireo kandidà ho solombavambahoaka nanerana ny nosy, izay mbola anisan'ny iadiankevitra sy mbola antontan-taratasin'ady ataon'ireo kandidà ho entina eo anivon'ny fitsarana avo momba ny lalam-panorenana (HCC) sy ny CENI ankehitriny. Mbola izy ireo aloha no hany eken'ny lalàna hanao izany, iaraha mahita anefa fa mbola tsy nisy ny fanehoan-kevitra nataon'izy ireo mahakasika izany, ka dia miandry isika rehetra ny amin'ny fanambarana ataon'ireo ambaratongan-drafitra roa ireo izay, izany dia hialohavan'ny fanambarana ny vokatra vonjimaika ataon'ny CENI, izay voatondron'ny lalàna fa mialohan'ny 15 jona izao no hanaovan'izy ireo izany. Tao anatin'izany fandalovan'i Andry Rajoelina tao an-drenivohitr'i Boeny izany, dia nisy ireo olona nitaraina tamin'ny filoha ny amin'ny fanaovan'ny orinasa fampindramambola Otiv azy ireo, tsindry hazo lena ireo izay nindrambola tao, satria maro amin'izy ireo no nianjadian'ny fahasahiranana, ka tsy mahaverina vola izay nindramina. Araka ny fifanarahana misy anefa, izay tena izay no antom-pisian'ireny mpampindrana vola sy fitahirizambola ireny dia misy ny fakana ireo antoka rehefa tapaka ny fifanarahana ara-barotra tahaka izany. Nisy ny filazan'ny Filoha fa ho jerena manokana ireo olona nianjadian' izany sy ireo orinasa mpampindram-bola misy eto amin'ny firenena. Niakatra teto an-drenivohitra ireo olona ireo tamin'ity herinandro ity ary nihaona indray tamin'ny mpitondra fanjakana, ka tamin'izany no nilazana fa honerana ireo olona ireo ary mbola nohamafisiny indray fa hisy indray ny fijerena akaiky ireo orinasa ireo. Orinasa tsy miankina ny Otiv, ka mitsabaka amin' ny resaka fandraharan' ny tsy miankina izany ny mpitondra ankehitriny, tsy anjaran'ny fanjakana velively ny hanao izany isaky ny antokom-pihariana eto amin'ny firenena, fa ny mandrindra ireny no tokony ho vaindohandrahara ataon'izy ireo. Misy fitsarana ao azo anaovana ny fitarainana, ny ministeran'ny fitantanam-bola sy ny tetibola koa no mpiahy ireny famatsiambola madinika ireny, fa tsy ny filoha Rajoelina no handeha hitsabaka amin' izany, ronono an-tavy no ataony amin'ny filazany fa hamaha io olan'ny Otiv Mahajanga io. Efa zatra mampanantena mihoa-pampana loatra ny olona sy manararaotra azy ireo amin'ny fahasahiranany mantsy ny Filoha sy ny mpiara-dia aminy, ka tsy voafehiny intsony ny anjara andraikitra izay miandry azy ireo, tsy ho ary ho vitan'ny fanjakana velively ny hisahana sy hanome fahafahampo izay rehetra mitaraina, fa tokony samy haka ny anjara tandrify azy avy ny tsirairay : eo ny fanjakana izay mandrindra, eo ny orinasa ara-barotra izay fototry ny fihariana izay sahaniny ary eo ireo vahoaka misitraka ireny fampindramam-bola ireny.

**Ny Valosoa**

Sabotsy 8 jona

# Diabe ho an'i Kristy ao amin'ny kianjaben' i Mahamasina




Ho tanterahina anio sabotsy 8 jona tolakandro amin'ny 2 ora sy 30 minitra, ao amin'ny kianjaben'i Mahamasina ny hetsika 'Diabe ho an'i Kristy ', na Global Day of Prayer, hiarahan'ny mpino kristiana tsy ankanavaka eto Antananarivo sy ny manodidina, na katolika io na protestanta, na fiangonana zokiny io, na fiangonana zandriny, rehefa mino an'i Jesoa Kristy dia handray anjara amin'izao hetsika ara-pinoana lehibe izao avokoa. Mialoha an'izany dia hisy ny diabe hatao, ka toerana maro samihafa no hiaingàna amin' izany. Amin'ny 9 ora eo amin'ny kianjan'ny Demokrasia sy ny Tranombokim-pirenena Anosy. Amin'ny 10 ora kosa eo amin'ny kianjan'Alarobia sy village Voara Andohatapenaka. Ho fihaonambe ho an'ny kristiana izany ny andron'ny anio sabotsy 8 jona izao ao amin'ny kianjaben'i Mahamasina. Anisan'ny teny filamatra ho an'izao fotoam-pivavahana lehibe hiarahan'ny mpino kristiana rehetra tsy ankanavaka izao ny hoe : "Madagasikara ho an'i Kristy ary Kristy ho an'i Madagasikara!".

**Helisoa**

Famaranana ny fetin'ny silamo

# Notolorana mari-pankasitrahana noho ny asa sosialy vitany Papa Soulé



*Papa Soulé, anisan'ny silamo mpanao asa soa eto amintsika.*

Tonga nanatrika ny lanonam-pamaranana ny volana Ramadany na ny "eid" na idy, teny amin'ny Mosquée 67ha ny Filohan'ny Antenimierandoholona, Rivo Rakotovao ny alarobia 5 jona lasa teo. Lanonana izay niarahana tamin'ireo olomanan-kaja maro ao amin'ny fikambanan'ny mpino silamo eto Madagasikara, izay notarihan'ny Cheik Mohamad Filohan'ny fikambanana sy Papa Soulé Filohan'ny fikambanan'ny Zanaka Avaratra. Nandritra ny fandraisam-pitenenan'Andriamatoa Cheik Mohamad no niarahabany ny mpino silamo rehetra nahavita ny fifehezan-tena sy ny fifadiana izay zava-dehibe tokoa ho azy ireo satria fandresena lehibe izany fifehezan-tena sy fiadiana amin'ny ratsy izany. Nisaotra sy nirary soa ny Filohan'ny Antenimierandoholona amin'ny fanohanany ny antso sy ny fiarahany amin'ny "Communauté Musulmane" hatramin'izay ihany koa izy, na dia teo aza ny tsy fitoviam-pinoana. Nambaran'ny Filoha Rivo Rakotovao kosa tetsy andaniny, fa na dia kristiana aza izy dia tsy sakana ho azy ny zavatra tahaka izao satria ny firaisankina no tokony hatao vaindohan-draharaha sy zava-dehibe eo amin'ny fiaraha-monina ary Andriamanitra tokana ihany, fa ny fomba fanompoana azy no samy hafa. Nambarany koa fa na inona na inona tsy fitoviana eo amin'ny tsirairay dia ny finoana no anisan'ny fitaovana entina mampiray hina ny rehetra ka tokony ho hajaina izany. Nisy ny fanolorana mari-pankasitrahana ho an'Andriamatoa Papa Soulé, izay rain'ny kamboty sy mpikarakara ny sahirana eo anivon'ny mpino silamo eto Madagasikara ary nofaranana tamin'ny fiaraha-misakafo sy korana ny lanonana.

**Isambilo**

*Ny Valosoa sy fakafaka*

2009 no mankaty

## Marisarisa amin'ny fametahana sainam-pirenena ny vahoaka

Nanomboka ny taona 2009, nisian'ny fanonganam-panjakàna teto amin'ny firenena no mankaty dia marisarisa amin'ny fametahana ny sainam-pirenena ny ankamaroan'ny vahoaka, amin'ny fankalazana ny fetim-pirenena toy izao, misy mihitsy aza ireo milaza fa nisaona ny sainam-pirenena Malagasy nandritra izay vanim-potoana izay, satria mpanongam-panjakana, mpivarotra tanindrazana no mitondra ny firenena, mamadika ny tolon'ireo ray aman-dreny tia tanindrazana tany aloha, nitaky ny fiverenan'ny fahaleovantena izay azontsika ankehitriny izao. Marobe ny fanentanana natao hananganana saina rehefa tonga ny fetin'ny fahaleovantena 26 jona satria fanehoana fitiavan-tanindrazana izany, saingy tsy nampiraika ny ankamaroan'ny Malagasy intsony izany ankehitriny. Tsy hita intsony ny saina mikopakopaka manerana ny tokantrano Malagasy fa zara raha misy mitsangana. Ny zavatra fantatra aloha rehefa natao ny fanadihadiana teny ho eny dia fanehoan'ny vahoaka ny tsy fankasitrahany ny mpitondra no antony tsy hananganany saina. Tsy mba afaka maneho hevitra an-dalambe mantsy fa tonga dia baomba mandatsa-dranomaso no mitsena izay mitady hihetsiketsika hanohitra fitondràna. Tsy fananganan-tsaina no hevitra hitanay hanehoana izany hoy ireo olona sendra tafaresaka tamin'ny gazety, rehefa fanjakàna tsy refesimandidy, mpangala-bato, mpivarotra tanindrazana no misy. Aminay hoy izy ireo dia misaona ny sainam-pirenena Malagasy nanomboka ny taona 2009.

**Helisoa**

Raharaham-pirenena

# Mitohy ihany ny fampiesonana manara-penitra

Nisy ny iraka nataon'ny tompon'andraikitry ny tahirimbola iraisam-pirenena na ny FMI, sy ny masoivohony misolotena izay miasa sy monina eto ny herinandro lasa teo, ka nihaonany tamin'ny Praiminisitra lehiben'ny governemanta, sy ny minisitry ny vola. Nivoitra tao anatin'io fihaonana io fa mbola tena ao anatin'ny fifandresen-dahatra hatrany ny dinika hifanaovan'izy ireo, ny amin'ny sehatra hiarahany miasa amin'ny fanjakana Malagasy. Tsy araka ny nodradraina mantsy teny amboalohany fa tsy mila ireo mpamatsy vola mahazatra intsony isika, ary ireo harena ananantsika ihany no hampihodinana ny firenena izay nampanantenaina fa efa ho azo ireo vola ho ampiasaina amin'izany tetikasa rehetra izany. Raha ny zava- misy tokoa mantsy no lazaina dia tena mampilendalenda tanteraka ny vahoaka izy ireny toy ny fanovana ny renivohi-paritany ao Toamasina ho "Miami", ny ao Mahajanga toy ny any Frantsa, ka hisian'ny "Building" goavana, tapitr'ohatra ny fampanantenana fa hatraiza hatraiza dia ezahina voizina hatrany izany ho tahaka ny "Velirano". Toy ny tohivakana anefa ny zavamisy fa miretirety fotsiny fa rehefa jerena akaiky tena fanaovana ronono an-tavy ny vahoaka Malagasy, izay heverin'izy ireo fa azo ahodinkodina hatrany ny sainy. Hitantsika izany raha vao niandoha ny fianianan'ny filohan'ny repoblika teny Mahamasina ny 19 janoary satria ny harivan'ny androtr'iny ihany raha nikenonkenona mafy ny mpitondra hankalaza izany ny hisian'ny afomanga goavana izay novaina ho eny amin'ny Anatirova, nampalahelo fa tao anatin'izany no nisian'ny loza mahatsiravina nidarabohan'ny vato lehibe teo Ampamarinana izay namoizana aina sy naharavana trano maro teny amin'iny faritra ambony iny. Nolazaina fa hafindra eny Andohatapenaka sy eny Anosiala Ambohidratrimo ary hisy ny fikarakarana manokana azy ireo. Fampanantenana maro dia maro no nolazaina ho an'izy ireo, nankaiza izy ireny izao toa tsy misy intsony ny fijerena azy ireny fa dia nangina tanteraka ny fanjakana ary navela teo ireo vahoaka niharam-boina.

(Tohiny P3)

## Ny Valosoa sy hadihady

# Fitondràna Rajoelina
# Sarintsarina politikan'ny fitsitsiana no ataony

Hiavaka tsy ho toy ny isan-taona toy ny nataon'ny mpitondra nifandimby teto Madagasikara hatramin'izay, ny fanamarihana ny fetin'ny fahaleovantena 26 jona amin'izao fitondràna entin'i Andry Rajoelina, filoha napetraky ny HCC sy ny CENI izao. Nisy ny fanambaràna fa amin'ny 2 ora tolakandro vao hatao ny matson'ny foloalindahy, ary tsy hisy intsony ny fiaraha-misakafo hatao eny amin'ny lapam-panjakàna Iavoloha, mba ho fitsitsiana hono? Dia mametram-panontaniana ny maro hoe, tena fitsitsiana ve sa fisehoana ivelany sy sarintsariny eo imason'ny vahoaka Malagasy fotsiny sy hambaboana ny fony fa tena mitsitsy tokoa ity fitondràna TGV ity. Efa fomban'ny Malagasy mantsy izany hoe fihinanan-kanina sy fifaliana amin'ny fetin'ny fahaleovantena izany, ka tsy maintsy mihinana izy hamalifaliana ny ankohonany. Atao araka ny tokony ho izy sy ny eo ampelatanana anefa izany, mba hitsinjovana ny vodiandro merika. Raha tena mahay mitantanana ny fitondràna TGV dia tsy misy fandaniambe izany ny fiaraha-misakafo eny Iavoloha hanasan'ny filoha ny andrim-panjakàna sy ny masoivoho vahiny ary ireo olo-manakaja maro raha tena mandeha araka ny tokony ho izy sy araka ny fahamarinana ny zavatra hataon'ny fanjakàna amin'io fetin'ny fahaleovan-tena io. Ny hita mantsy dia fanararaotana no ataon'ny tandapa miaraka amin'ny mpitondra, ka atao midangana sy mihoa-pampana be noho ny fitiavan-tena ny vola fandaniana rehetra hatao ao. Atao avo folo heny amin'ny tena vidiny ara-dalàna ohatra ny vidin'ny rano sy zava-pisotro raha tsy hiteny hafa-tsy ireny fotsiny isika. Noho izany, raha tena mpitondra mahay Andry Rajoelina sy ny ekipany dia afaka mijery fomba hampihenana ny fitsitsiana amin'ny sakafo eny Mavoloha fa tsy ny fanafoanana azy akory, izay ilay fahaiza-mitantana. Eo indrindra isika amin'ity resaka fitsitsiana izay dradradradrain'ny mpitondra etsy sy eroa ity. Fitsitsiana manao ahoana no tena atao eto amin'ity firenena ity e? Rehefa mandeha mivahiny any ivelany ny mpitondra TGV Tarihin'i Andry Rajoelina dia delegasiona marobe no miaraka aminy any, nefa tsy hita izay tena vokatsoa azo amin'izany, fitsitsiana manao ahoana io? Raha tsy hiteny hafa-tsy ny mpanao gazety nandeha tany Frantsa farany teo, nahatratra 30 ny isan'izy ireo tany, ny delegasiona niara-dia tamin'ny filoha am-polony maro tiy izany koa. Vola avy aiza daholo no entina mandeha amin'ireny, sa araka ny tenin'ny minisitry ny serasera Lalatiana Rakotondrazafy hoe ny firenena hivahinianana no miantoka ny lany rehetra amin'izany ? Nefa nidradradradra ity farany fony mbola mpanao gazety tsotra izy nitatatata tamin'ny fitondràna HVM notarihin'i Hery Rajaonarimampianina rehefa namita iraka tany ivelany ity farany, fa manao fandaniana mihoa-pampana mitondra delegasiona maro, nefa tsy ahitam-bokatsoa akory hoy izy. Ho avy izao ny fetim-pirenena, efa milaza ny mpitondra fa ho avy eto ny filoha Afrikana sasany hiaraka hankalàza ny fety miaraka amintsika. Iza izany no hiantoka ny lany rehetra amin'ny dian'izy ireo eto Madagasikara izay ao anatin'ny andro vitsy monja ? Tsy misy sakafo aroso ho azy ireo izany fa ho jerijerena fotsiny ? Sa ny Malagasy tsy asaina fa ny vahiny ihany ? Fitsitsiana inona indray izany izao io? Tsotra ny valiny, ny vahoaka Malagasy no hanaovana sangodim-panina mody hoe mitsitsy ny fanjakàna, fa ao ambadika ny mifanohitra amin'izany no misy, mitete be ny volam-panjakàna ankehitriny, ka sokafy ny saina ry Malagasy !

***Helisoa***

**ANGLETERA, MADAGASIKARA**

## Nankalazaina teto amintsika ny faha-93 taonan'ny Mpanjakavavin'i Angletera

Nankalazaina ny talata 04 jona 2019 teo ny fitsingerenan'ny faha 93 taona nahaterahan'ny Mpanjakavavin'i Angletera Elisabeth II. Tetsy amin'ny Masoivohon'ny Royaume Unie Ankorondrano no nanatanterahana izany, izay natrehan'ireo manam-boninahitra maro sivily sy miaramila ary ireo Masoivoho mipetraka sy monina eto Madagasikara. Anisan'ny niatrika izany ny Filohan'ny Antenimierandoholona Rakotovao Rivo. Raha tsiahivina ny tantara dia ny Mpanjakavavy Elisabeth II dia teraka tamin'ny 06 febroary 1952 tany Londres, efa nanjaka 67 taona sy 74 andro izy, fitondrana lava indrindra teo amin' ny tantaran'ny Anglisy. Niavaka tanteraka ny fankalazana tamin'ity taona ity teto Madagasikara, satria nialohavan' ny fampirantiana mikasika ny tontolo iainana ny fotoana izay nahitana ny lohahevitra hoe : «agir pour le développement durable et économique verte à Madagascar ». Nandritra ny fandraisam-pitenenan' Andriamatoa Philip David Boyle Ambasadaoron'ny Royaume Unie eto Madagasikara no nilazany, fa efa ela no nisian'ny fiaraha-miasa sy ny fifandraisana teo amin'ny firenena malagasy sy ny Royaume Unie ary efa maro ny asa niarahanaao. Maniry ny mba hisian'ny fitohizan' izany fiaraha-miasa izany izy. Tao anatin' izany ihany koa no nahafahany nitantara ny fifandraisan' ny firenena roa tonta nanomboka tamin'ny faha mpanjaka ka hatramin' izao. Nasiany resaka ny mahakasika ny maha sarobidy ny tontolo iainana amin'izao fankalazana ny andro manerantany ny tontolo iainana ny 5 jona lasa teo.



*Ny fankalazana ny fetin'ny Mpanjakavavin'i Angletera tetsy Ankorondrano.*

***Isambilo***

Raharaham-pirenena

## Mitohy ihany ny fampiesonana manara-penitra (tohiny P.2)

Ny teo amin'ny sehatry ny solika moa dia fitahina indray ny vahoaka, tenan'ny filohan'ny repoblika no nilaza fa tsy maintsy hatao izay hampidinana izany faran'izay haingana satria maka tombony loatra ireo mpandraharaha mpanafatra izany eto, raha ny marina anefa dia mbola iadian-kevitra tanteraka izany eo amin'ireo mpamatsy vola sy ireo mpiara-miombon'antoka amintsika fa tsy ny fanjakana irery ihany no afaka manapaka azy. Tsiahivina fa tena tsy eken'ny mpamatsy vola velively ny hanao "subvention" amin'ny resaka solika. Mbola any an-kibon'ny omby araka izany ny hisian'io fampidinana ny vidintsolika io, fa fampiesonana no be dia be, ity filoha Boaikely ity indray no tena mpampiesona fa tsy ilay Raikalahy teo aloha.

***Ny Valosoa***

## NY TENY FIAINANA

***Matio 13:58***

*Ary tsy nanao asa lehibe maro teo Izy noho ny tsi-finoan'ireo.*

facebook NY VALOSOA VAOVAO

## Tsy fitsitsiana ny delegasiona marobe nentina tany an-dafy

**Arp Helisoa :** ny degegasiona marobe mankany an-dafy ve fitsitsiana ? sa inona no filaza azy? Amiko dia tena fandanilaniam-poana ny volam-bahoaka ireny.

**Zanak'i Gasikara Ofisialy :** fisehosehona, sy tsy fitsitsiana. Mandany volampanjakana fotsiny. Ho an'ilay Madama nanakina bé ny délégation tamin'ny andron'ny Hvm ( ny Vava no tsy atao bé Madama ny mamerina azy no tsy laitra). Azo tamin'ny vavanao enao Zao. MBA alefaso ny détail ny lany e! hihihiiiiiii!

**Marianne Botakeull :** mandany vola ireny. Mampmé be e!

**Bakoly Ranaivoarivelo :** ka ny mpanasa anie hono no miantoka ny lany rehetra e! Dia ry zareo nasaina daholo! Hihihihihi ! Paul Kagame izany isika no hiantoka azy raha ho tonga eto tokoa, dia ho jerijerena fotsiny izany fa tsy hisy banquet, sa ny Malagasy tsy omena sakafo fa ny vahiny ihany no homena amin'ny fetim-pirenena ?

**Hajatiana Andriamahefa :** fitsangatsanganana avolenta no nataon-dRajoelina sy ny forongony tany Frantsa ireny.

**VL Tafitasoa Jean :** ol mapme iny e tsy ataony ko ve oe 5 iany izy nande tany!

**Geipy Raf :** fitsentsefana ireny fivahinianana vahoaka be any an-dafy ireny!

**Rasoanatoandro Séraphine :** mizesta sy miantsena ary mitady vazaha hoe ministre izahay tsy tiany vazaha fa vendrana daholo mandany vola no ataony hanindrina ny malagasy mahantra. tsy misy ilana azy ireo rehetra ireo, ireo mpiara-dia amin-dRajoelina: petit putschiste ireo.

**Marie Bernadette Raharisoa :** obligations reny e !

**Ramamonjiarisoa Nicette :** mangingina aloha fa manao shopping
350Euro/jr/pers zany ve tsy 5 valizy diplomatika /pers refa hitotona eny Ivato ?

## TONONKALO

## Fiaraha-mitantana ireo vondro-nosy ?

Fiaraha-mitantana indray no hindraina
Satria ve `nareo efa tena voavidy ?
Mba mieritrereta, ampiasao re ny saina,
Sa "gadra" ka efa tsy manan-tsafidy ?

Voavidin-dry zalahy ohatrinona ange
No tsy manan-kalahatra fa migorasy ?
Mba mahalalà menatra olona re.
(Sa dia efa tsy manana ra Malagasy?)

Fa hay dia anarany foana ilay hoe
Lamasinina katraka ambony vitesy ?
Jereo fa toa tena mihisatra be
Vao nanainga dia efa tombanana ho resy !

Ny Tanora gasy efa Vendrana angamba
No tia menasofina hiara-mitantana.
Ireo no voavidy ka nanjary jamba,
Raha toa ka ambara amin`ny teny mivantana.

***DADAN`i ZINA (05-06-19)***

## An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

**Ny fanazarantena nataon'ny mpamonjy voinan'ny CUA, sy ny mpamonjy vonjy taitran'ny orinasa Galana tetsy amin'ny 67 ha.**






**Ny fihaonana teo amin'ny Polisy Monisipalin'ny CUA sy ireo mpitatitra sy tompona posy sy sarety, tetsy amin'ny Tranompokonolona Isotry.**





VAHOAKA MALAGASY

## Manana ny heviny momba ny tanindrazana

Asa na fifandrifian-javatra na tarazo aloha vokatry ny zava-nisy teto amin'ny firenena tato anatin'ny 10 taona izao, fa ny hita hatreto, asa izay aoriana kely, mbola vitsy ny olona na ny trano fonenana manangana sainampirenena. Efa adihevitra be io tao anatin'izay fotoana izay, indrindra fa tamin'ny niakaran'ireo mpibodo fahefana an-keriny teo amin'ny fitondrana. Izao anefa no aoka atao mazava tsara, ny zava-mitranga eto amin'ny firenena tarafina amin'ny fihetsiky ny vahoaka na ny olom-pirenena dia tsy tongatonga ho azy akory, fa misy fifandraisany amin'izay hitany sy reny avokoa. Ka niaraha-nahita tsara ny zava-nisy teto amin'ny firenena indrindra tany am-piandohan'ny ity taona folo faharoa amin'ny taonjato faha-21 ity. Tsy zavatra tsara no naseho sy nalentika tao an-tsain'ny vahoaka tao anatin'izany. Misy ny lasibatra tetsy ankilan'izany ary namaka tao an-tsainy ihany koa ny nanjo azy. Tsy azo odian-tsy hita izany fa tantara mipetraka eto amin'ny firenena. Hatramin'izao anefa tsy hita izay fanafody nentin'izao fitondrana Rajoelina izao manasitrana izany. Ny fikasana hitondra hirifatra hatrany ny lamasinina no mahamaika ary izay tsy niditra, araka ny nambarany, tsy olana. Dia somary nanaitra ny sain'ny maro sy ny mpandinika ny raharaham-pirenena ny nahita sy nandre ny fihetsiky ny avy eo anivon'ny polisim-pirenena, ny amin'ny firotsahana hanentana ny vahoaka amin'ny fananganan-tsaina. Amin'ny lafiny iray aloha, tokony ho ataony izany, fa amin'ny lafiny faharoa dia mametra-panontaniana ihany hoe: fa nahoana izy ireo no mitarika ny amin'izany? Ary nahoana tsy manao ny hafa? Tsy hijanona amin'ny resaka fanontaniana isika, fa ny firariana dia mba hahomby ny fanentanana ataon'izy ireo amin'ny vahoaka. Tsy tokony hadinoina ihany koa anefa, fa ny Malagasy dia na tsy miloa-bava aza, sady efa noferana rahateo sy natao izay hizarana azy tsy hamoaka hevitra mivantana ankalamanjana ampahibemaso, manana ny heviny tokoa izy. Mampieritreritra raha tsy mahalala izay toe-tsainy sy toe-pony izay ny manam-pahefana na mpitondra fanjakana eto amin'ity firenena ity. Ny Malagasy tsy azo anaovana ambaletra izany amin'ny zavatra iray raha tiana ny hahatafita sy hampahomby azy. Mila mandinitena ny tomponandraikitra eto amin'ny firenena rehefa tsy tafita sy tontosa ny zavatra tiany ampitaina amin'ny vahoaka.

***Sôh'son***

## Sakafo Ny Valosoa



Tongo-kisoa sy tsaramaso indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana ro matsatso anana ravimbomanga miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Fomba fitsaboana natoraly ny goàtra (goître)



Fomba fitsaboana natoraly ny goàtra (goître) indray no Mahasoa eto amin' ny gazetinao androany.

Ny Goàtra dia fivontosana hita eo amin'ny tenda afovoany. Tsy fahampian'ny iôda no mahatonga azy. Tsy manaranaka ny goàtra, fa mitovy ny sakafo hanin'ny fianakaviana iray. Ny haingana indrindra fitsaboana azy dia sira misy iôda no ampiasaina (misoratra eo amin'ny fonosana izany). Ny sakafo ahitana azy indray: ny karazana trondro rehetra, indrindra ny avy any amin'ny ranomasina. Raha efa eo ny aretina, atao lasary matetika ny anandrano.

Makà koa ravina voanatsindrana (pok-pok) 1 tanana anila, totoina ary atao eo amin'ny tenda mivonto, afaka manao foana mandra-pihenany. Na koa makà rambiazina 1tanana anila.Ampangotrahana amin'ny rano 1,5 l mandritra ny 5 min. Izany hoe avela hangotraka ny rano vao harotsaka. Sotroina 1 kaopy alohan'ny sakafo 3, mandritra ny herinandro.

Alaina ny hoditra voanio (coco) ilay fanao borosy iny, mety na maina, na lena.1tanana anila+ Sakamalao kely + Sira 3 tsongo. Ampangotrahana amin'ny rano 1 l . eo amin'ny 5min eo ho eo. Misotroa 1kaopy isamaraina.

## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny tanànan'Alakamisy Itenina any amin'ny faritra Matsiatra Ambony

Ny tanànan'Alakamisy Itenina, renivohitry ny distrikan'i Vohibato, any amin'ny faritra Matsiatra Ambony indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany.

Alakamisy Itenina. Azo lazaina ho avo toerana ity tanàna ity satria 1171 m miohatra amin'ny ranomasina ny haavony. Amin'ny faritra atsinanan'ny faritra Matsiatra Ambony no misy azy. Ao atsimon'i Fianarantsoa amin'ny lalampirenena faha-7 iny no mivily mankany Alakamisy Itenina. Vokatra any ny vary sy ny haninkotrana isan-karazany.



# Jehovah, Madagasikara 05 jona 2019, hafatra manokana laharana 45

**Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao.**

***Asan'ny Apostoly 1: 8 "Fa hahazo hery ianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo, ary ho vavolombeloko any Jerosalema sy eran'i Jodia sy Samaria ary hatramin'ny faran'ny tany."***

Ry mpihaino, ry mpamaky hajaina sy malala rehetra tsy an-kanavaka. Indro AHO hanambara ZAVA-MIAFINA aminareo indray amin'ny alalan'ny mpaminany. Azonareo raisina tsara rehefa mazava aminareo ka dia ambarao, torio fa aza mba miavonavon-kevitra izany fa fahadisoana lehibe izany. Indro tonga eo aminareo ny atao hoe PENTEKOSTA izay maro sy betsaka tokoa ny tsy mahalala ny dikany. Raha hoy AHO JEHOVAH taminareo hoe : "izay mihinana ny Paska dia efa mpandresy sahady, ny mpandresy no mivoaka aseho mihariary ary maneho ny fiasako". Ny Paska koa dia miomana fa heneho amin'izay tsy mahalala. Ny Paska dia fiomanana hanambara ny TENY FIKASANA, hilaza zava-baovao, hanamarina izay naloaky ny vavako. Toy izao no tiako hambara: tamin'ny andron'I Mosesy izay nihinana ny Paska dia nanana ilay FANJAKAKO JEHOVAH ao anatiny ka tsy voahozongozona ny olona. Mandra-pahatonga tany amin'ny tanjona ilaiko azy ireo dia mafy ny lalana, ny ady sy ny sisa. Nomeko ny lalàna izay nitondrako sy nitantanako ny FANJAKAKO fa izany no tanjoko JEHOVAH, Vakio ***Eksodosy 19, 20, 21, 22***. Io no tandindon'ilay FANJAKAKO tamin'ny andron'I Mosesy sy zanak'Israely, ***Eksodosy 25: 13-17***. Izany hoe TAFATSANGANA NY FANJAKAKO, ***II Tantara 6: 41***. Ny Fiarako JEHOVAH MPANJAKA dia midika sy milaza hoe ao ny HERIKO, izany no HERIKO. Ka na ny toerana na ny tanàna na tokantrano eny hatrany amin'ny FIRENENA no nisy ny FIARAKO dia fanehoana hoe: "ao ny FANJAKAKO" ***II Samoela 6: 12***. Izao no dikany, Davida nampakatra ny FIARAKO JEHOVAH = Davida naneho tamin'ny olona fa eo amin'izy ireo ny FANJAKAKO. FIARA = FANJAKANA, izay midika hoe FANATREHAKO JEHOVAH. Teto dia tsy najanona ho fiara fotsiny ny fanatrehako fa nampiana hoe FANEKENA satria ao anatin'io Fiara io ny FANEKENA nataoko fa tsy maintsy ny FANJAKAKO no ASEHO, ATSANGANA, ARAHINA ary miaraka aminy ao ny LALÀNA. Ny mpisorona koa no mitondra sy miantoka ny FIARAN'NY FANEKENA, ***Josoa 3: 13***. Midika fa misy ny fanatrehako miaraka amin'ny fahagagana. Aoka ary tsy ho hadinoinareo fa tamin'ny andron'ny Testamenta Taloha na Fizaram-potoana voalohany dia teo amin'ny firenena izay matahotra AHY no napetraka ny FIFANEKENA ka izay nandà sy tsy nino dia maty tokoa, ***II Samoela 6: 6-7***. Jesosy dia nalefako hita maso teo aminareo rehefa nafeniko ny Fiaran'ny Fanekena satria nodorana ny Tempoly. Naseho teo amin'ny tany IZY ary nambara fa MPANJAKA. Natao fantatra sy hitan'ny mason'ny olona rehetra tamin'ny fotoan'andro koa izany, ***Matio 2: 2***, ***Jaona 12: 13*** *".dia naka sampan-drofia ka nivoaka hitsena Azy sady niantso hoe: Hosana! Isaorana anie ny Mpanjakan'ny Isiraely, Ilay avy amin'ny anaran'i Jehovah"*. Novonoina IZY, tsy nekena ny maha-MPANJAKA AZY . Tsy nijanona teo koa anefa ny ASAKO fa rehefa niverina niakatra taty IZY dia napetrany ny FANAHY MASINA. Hatreto dia tsy misy mahalala mihitsy ny dikan'izy io, ***Lioka 17: 21***. FANAHY MASINA = IO ilay FANJAKANA izay ao anatinareo ka nilazany hoe tsy ary na ety. JESOSY mihitsy no nijaly mafy vao napetraka Ilay FANAHY MASINA izay midika FANJAKANA, ***Lioka 17: 25***, ***Jaona 14: 26***. *"fa ny Mpananatra, dia ny Fanahy Masina, Izay hirahin'ny Ray amin'ny anarako. Izy no hampianatra anareo ny zavatra rehetra sy hampahatsiaro anareo ny zavatra rehetra izay nolazaiko taminareo."* Rehefa niakatra JESOSY dia napetrany teo aminareo ny FANAHY MASINA. Io no solon-tenany, io Ilay FANJAKANA ao anaty. Io indray izany no miasa sady tsy hita maso fa ao anatinareo. Inona indray ary izany no atao hoe PENTEKOSTA? Indrisy fa tsy fantatrareo koa IZY io. Nofeperan'I JESOSY mihitsy ny mpianatra tsy hiala ao Jerosalema raha tsy mandray ny TENY FIKASANA. Izany hoe raha tsy efa tonga sy voaray ny FANAHY MASINA izay FANJAKANA, ***Asan'ny Apostoly 1: 4***. Hoy JESOSY , ***Asan'ny Apostoly 1: 8***. Raha tsy ny FANAHY MASINA mihitsy no tonga sy miasa dia tsinontsinona ny zavatra rehetra satria FANAHY MASINA = FANJAKANA= HERY = FAHEFANA. Ny andron'ny Pentekosta izany no fotoana nandatsahana ny FANJAKANA eo aminareo indray. Ka ireo izay manana izany tamin'ireo BATISA DIMY dia efa ao anatinao ilay FANJAKANA fa hazony sy tehirizo amin'ny alalan'ny FANASAN'I JESOSY anareo mandra-pihaviny haka anareo indray. Aoka tsy ho fahatsiarovana fotsiny, fa fandraisan'ny tsiraisray FANJAKANA TSY AZO AMPIHOROHOROANA. ***Asan'ny Apostoly 2: 2***. *"Ary nisy feo tonga tampoka avy tany an-danitra, toy ny rivotra mahery mifofofo, ka nanenika ilay trano niangonany."*Feo = Fahefana, ***Asan'ny Apostoly 2: 3***. *"Ary nisy lela maro mitarehin'afo niseho taminy, izay nizarazara; ary nipetraka tamin'izy rehetra isan-olona izany."*Lela mitarehin'afo = Hery, ***Asan'ny Apostoly 2: 4*** *"Ary samy feno ny Fanahy Masina izy rehetra, ka dia niteny tamin'ny fiteny maro samy hafa, araka ny nampitenenan'ny Fanahy Masina azy."* Fanahy Masina = Fanjakana. Ny fiteny amin'ny teny tsy fantatra dia fanehoana Ilay FANJAKANA fa mahay ny zavatra rehetra IZY. Tsy ny fiteny tsy fantatra ihany fa ny FAHAMARINANA rehetra. Izany no nahatalanjona ireo rehetra izay nanatrika teo ka vaka sy very hevitra mihitsy. Ny Pentekosta no fotoana NADATSAHANA NY FANJAKANA AO ANATY satria ho avy ny fotoana tsy hamelan'I Iosifera ny olona fa azy hono hianareo. Tsy marina izany. Hoy ny Teny, efa noraisinareo va ny Fanahy Masina, ***Asan'ny Apostoly 19: 12***. *"Efa noraisinareo va ny Fanahy Masina, fony vao nino ianareo? Fa ireo nanao taminy hoe: Tsy renay akory fa efa nomena ny Fanahy Masina."*Izany hoe efa tonga ao anatinao va ny FANJAKAN'NY LANITRA fa ho avy ny ady lehibe?

Amen

Mbola hitohy.

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

Telephone : ***033 12 461 43***

E-mail: jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

**POLISY MONISIPALIN'NY CUA**

# Nampahafantatra ny fampiharana ny lalàna tamin'ny mpitarika sy tompona sarety sy posy

Anisan'ny mampimenomenona sy mampitaraina ireo mpampiasa lálana ny gaboraraka ataon'ireo mpitarika sarety sy posy eto Antananarivo, araka izany dia nandray andraikitra avy hatrany ny vondrona Polisy Monisipaly oamly namory ireo tompony sy mpitarika Posy sy Sarety eto Antananarivo, tao amin'ny Tranompokonolona Isotry, nanamafy ny fampahafantarana sy fanentanana ireto farany mba hiverina ao anatin'ny ara-dalàna satria hampiharina ny lalàna amin'ny mandika izany. Nohamafisina ary fa manomboka amin'ny 7 ora ka hatramin'ny 10 ora maraina; amin'ny 12 ora ka hatramin'ny 2 ora tolakandro; amin'ny 4 ora mandra-pisavan'ny fitohanan'ny fifamoivoizana dia ora tsy azo ifamezivezen'ny posy sy ny sarety. Nohamafisina ihany koa fa tsy azo idiran'ny Posy sy ny Sarety eto ampovoan-tanàna sy ny eny amin'ny toerana fiakarana toa an'Analakely, Anosy, Mahamasina, Ambohidahy sy ny sisa… Tsy azon'izy ireo ho entina ihany koa ny entana toy ny ranon-



*Ny famoriana ireo mpitatitra sy tompona sarety sy posy tetsy amin'ny Tranompokonolona Isotry.*

tany, ny barika, ny kidoro "éponge" ary ho ferana 1 taonina sasany ny havesatry ny entana tokony ho zakan'ny sarety ary 500 kilao eo kosa ho an'ireo posy. Marihana fa 1 500 no isan'ireo tompona sarety sy Posy ao amin'ny FTPSA, na Fikambanana Tompona Posy sy Sarety eto Antananarivo, aman'alina kosa no isan'ireo posy sy sarety izay mifamezivezy eto Antananarivo. Araka ny nambaran'ny tompon'andraikitra avy eo anivon'ny vondrona Polisy Monisipaly, Razafinjatovo Moïse dia efa fantatr'ireo mpiantsehatra eo amin'ny sarety sy ny posy avokoa ireo lalàna izay mifehy azy ireo, fa fanamafisana sy fanentanana fotsiny no tena natao omaly io. Efa nihàtra hatrany ihany koa ny lalàna kanefa dia mbola tsy mitsahatra ny manentana ihany ny avy eo anivon'ny vondrona Polisy Monisipaly mba hahafahan'ny tsirairay mitandrina. Tsara ihany koa ny manamarika fa efa eo am-pametahana ireo takela-by famantarana ny lálana tokony hizoran'ny sarety sy posy manerana ny Kaominina Antananarivo Renivohitra amin'izao fotoana izao ireo Tompon'andraikitra. Entanina hatrany ny tsirairay mba samy hanaja ny lalàna sy ny fandaminana izay hapetraka.

***Aly***

**Mpamonjy voinan'ny CUA**

# Nanao fanazarantena niaraka tamin'ireo mpanofana kanadiana miisa 11

Tetsy amin'ny Galana 67 ha indray no nanohy ny fanazarantenany ny mpamonjy voina ao amin'ny kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), sy ny mpampiofana mpamonjy voina avy any Kanada miisa 11. Ny fiatrehana ny mety ho loza fahamaizana eny amin'ireny toby fitsinjarana solika ireny no natrehana omaaly, ka nizaran'ireo mpamonjy voina avy any Canada ny traikefany hoy ny fanazavan'ny Lietnà kolonely Ramanoara Francky lehiben'ny mpamonjy voinan'ny CUA. Ilaina ny fanazarantena toy izao raha ny nambaran'ireo mpandalo nahita ny fanazarantena. Ny hetsika notanterahina teto dia niarahana ihany koa tamin'ireo mpamonjy vonjy taitran'ny tsy miankina dia ny Galana. Matotra ny fiarahamiasan'ny roa tonta hoy ny tompon'andraikitr'ity orinasa ity Andriamatoa Maxwell. Hiroso amin'ny fiarovana ireo toerana manan-tantara sy ny vakoka indray ny Mpamonjy voina eto amin'ny kaominina Antananarivo Renivohitra, ka hatomboka eny amin'ny Rovan'Ambohidratrimo izany ny herinandro ho avy izao. Aorian'i Madagasikara dia firenena maromaro aty Afrika no hahazo tombony amin' ny fanazarantena zarain'ireto Mpamonjy voina kanadianina ireto, toa an'i Togo, Burkina Faso, Benin, Cameroun.

***Helisoa***




*Ny fanazarantena natao teny amin'ny Galana 67 ha.*

AMBOHIBAZOINA ANJOZOROBE

## Takariva dia efa mamely ny mpangalatra omby

Tamin'ny alarobia 29 mey teo, sahabo ho tamin'ny 6 ora hariva no niseho ny halatra omby takariva, tao Ambohibazoina, kaominin'Anjozorobe. Mbola nilalao teny an-tokontany ny kilonga. Vao mampiditra ny biby fiompy sy mamahana azy ireo ny olon-dehibe no injay velona ny kirikioka nataon'ny dahalo sahabo roapolo lahy, narahina poa-basy. Nihazakazaka ny vehivavy nampiditra ny ankizy teny an-tokontany. Niditra nanidy trano ny rehetra. Ny tsy tafiditra kosa dia nisitrika tany anaty kirihitra. Tafiditra ny tanàna ireo dahalo ary nanao tifi-danitra sy nampihorohoro. Mora ho azy ny namoaka ny omby tao am-bala. Manodidina ny 20 isa ireo omby lasany, ka ny 8 no mba tafaverin'ireo fokonolona nanara-dia. Marihina fa nanomboka ny taona 2009 no efa nandry tsy lavo loha ny mponina amin'ity faritra somary anaty ala, ao amin'ny kaominina Anjozorobe ity, noho ny fanafihana nisesisesy nataon'ireo dahalo mpangalatra omby. Miraviravy tanana sy miaina ao anatin'ny horohoro isan' alina ankehitriny ny mponina ao Ambohibazoina. Rahoviana re no ho tonga any ny puce electronique hapetaka amin'ny omby araka ny fampanantenan'ny filoha ? Sa rehefa lany ringana ny omby ao ampahitra vao ho tonga izany ? Ary raha ho avy ihany izany, moa ve tena ho takatry ny vahoaka ny vidiny sa dia ho lasa risoriso fotsiny indray toy ny vary mora sns … teto amintsika? Ary tena hanafoana ny halatra omby marina ve ny fisiany sa ireo dahalo ambony latabatra sakaizan'ny mpitondra no vao mainka hahazo tombontsoa amin'izany fampiasana sy fivarotana puce electronique izany. Tahaka ny nampidirana ny permis biometrique ankehitriny izay hita fa tsy manova na dia kely akory ny tontolon'ny fifamoivoizana sy ny tontolon'ny fiara eto amintsika aza hatreto.

***Ny Valosoa***

Antsirabe

## Handray ny fankalazana nasionalin'ny fanomezan-drà maimaimpoana

Hetsika goavana no karakarain'ny avy eo anivon'ny Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka izay iarahany miasa amin'ireo sampan-draharahan'ny fahasalamana avy any Vakinankaratra. Tsy azo atao ambanin-javatra tokoa ny resaka fahasalamana satria io no hiantohan'ny aintsika olombelona. Tanjon'izao hetsika izao dia fanomezana « aina » na fanomezan-drà raha sendra ny sarotra eo am-pitsaboana, na ihany koa misy tranga lozampifamoivoizana na aretina maro samihafa. Mpanome rà miisa 250 no eritreretina hakana rà ny 14 jona hanaovana io fanamarihana ofisialy ny fanomezan-drà maimaimpoana io. Araka ny tombana natao hoy Dokotera Rasoarinivo Odette avy amin'ny CRTS Antsirabe dia tsy ampy betsaka tokoa ny tahirin-drà ho antsika eto Vakinankaratra, ka izay no tena anton'izao hetsika izao. Anio no hanaovana ny fivoriana fanomanana sy fandaminana ny fankalazana nasionaly ny fanomezandrà, izay hatao ny 14 jona 2019 ho avy izao io, manoloana ny Tranompokonolona Antsirabe. Maro ny hetsika ho hita mandritra izany: fanomezan-drà maimaimpoana, fitiliana ny VIH/SIDA, fitiliana ny Diabeta, fijerena ny homamiadan'ny vozon'ny tranon-jaza ary fitsaboana maso. Koa manentana antsika mponina eto Antsirabe amin'izany fanomezan-drà maimaimpoana izany.

***Lezama***

Basket-ball Fun Event

## Hitondra ny hetsika TIP Off any Antsirabe

Ho fanomezana tombony manokana ireo tanora mpitia ny taranja basket-ball eto amin'ny tanànan'Antsirabe, dia hanomboka anio sabotsy 08 Jona 2019, ilay "Tournoi Inter-Lycéen sy Inter-Universitaire Basketball", antsoina hoe TIP OFF andiany voalohany. Efa nisy ny fampahafantarana izao hetsika izao, tamin'ny alalan'ny valan-dresaka ho an'ny mapanao gazety, izay notanterahan'ireo mpikarakara, sy ny ligin'ny taranja Basket-ball Vakinankaratra teny amin'ny Prisme Hotel Atsinanan'ny Gara. TIP OFF, na koa antsoina hoe fifaninanana hifanandrinan'ireo sangany indrindra "Concours des élites" eo anivon'ireo sekoly sy Oniversite eto Antsirabe amin'ny Taranja Basket-ball. Araka izany ary dia ho tanterahina eto Antsirabe mandritra ny 4 herinandro izany, ka ny dingan'ny fifanintsanana dia ho tanterahina manomboka ny 8, 9, 10, 22, 23, 29, ary ny 30 ny volana jona, ary ny faha 6 sy 7 ny volana Jolay kosa no hanaovana ny dingana famaranana. Ny lalao rehetra dia ho tanterahina ao amin'ny Collège Saint Joseph avokoa. Mandritra ny hetsika dia hisy ihany koa ny "Concours de tirs 3 points", ny" Concours des meilleurs spectateurs" sy ny maro hafa. Ny Sekoly tsirairay dia samy afaka mandray anjara avokoa, saingy ho hentitra ny fanaraha-maso eo amin'ireo izay mitondra ny mpilalao mpikarama an'ady avy any ivelany. Tanjona amin'izao ny hampiroboroboana ity taranja ity, eo ihany koa no mety hanatsongaina ireo mpilalao sangany ho isan'ireo ekipa nasionaly. Tompo-marika amin' izao hetsika izao ny "Fun Event" izay mpikarakara ity hetsika ity.

***Lezama***

**SARIITATRA :** *Firenena malaza amin'ny halabato isika izao*




Fanomanana ny fankalazana ny fetim-pirenena

## Nanala ireo mpivarotra amoron-dalana miditra anaty arabe ny Boriboritany faha-3 (CUA)

Nanao fanakisahana ireo mpivarotra amoron-dàlana tetsy Behoririka sy ny manodidina ny avy ao amin'ny Boriboritany fahatelo, kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) afak'omaly maraina. Amin'izao ankatoky ny fetim-pirenena izao mantsy dia mirongatra indray ireo mpivarotra amoron-dalana miditra anaty arabe, raha toa ka efa nilamina izy ireo teo aloha teo. Arak'izany dia nidina teny an-toerana ny ekipan'ny boriboritany fahatelo nanala ireo mpivarotra anatin'ny arabe. Nanomboka teo Soarano ka nipaka hatreny Behoririka ny asa natao tamin'izany. Tonga nanao ny fandaminana teny an-toerana ny "Agent assainissement" avy ao Andravoahangy sy Behoririka ary Soarano, izay notarihan'ny tompon'andraikitry ny tsena teo anivon'ny boriboritany fahatelo, Mamy Rakotonanahary. Marihana fa tafiditra tao anatin'ny fankalazana sy fanamarihanana ny andro eran-tany ho an'ny tontolo iainana ny 5 jona teo koa izao hetsika fanadiovana sy fandaminana mpivarotra izao.

***Aly***



*Ny fanalana mpivarotra miditra anaty arabe nataon'ny CUA.*

5 taona ny Fikambanana Randra Manohy

## Fikambanana mitahiry sy mampiroborobo ny kolontsaina Malagasy

"Miaina sy miasa ao anatin'ny soatoavina Malagasy", io no teny faneva noentin'ny fikambanana Randra Manohy nankalaza ny faha-5 taona niorenany. Manandratra ny soatoavina Malagasy amin'ny alalan'ny teny sy ny soratra ary ny asa tanana sy ny maro hafa ny antom-pisian'ity fikambanana ity. Miainga any amin'ny ambaratonga fototra, ka hatrany amin'ny fianarana ambaratonga ambony ny hampianarana ny manandratra ny soatoavina sy kolontsaina Malagasy, izay efa tantsoroka raisin'ny fanabeazam-pirenena ankehitriny. Tonga nanokatra izany fankalazana ny faha-5 taonan'ny fikambanana Randra Manohy izany ny avy eo anivon'ny Faritra dia ny lehiben'ny sampandraharan'ny tantsoroka ny vondrombahoakam-paritra Ramatoa Sahondra Ramanandrainy, ny talem-paritry ny fanabeazam-pirenena sy ny fampianarana ara-teknika ary ny avy ao amin'ny kolontsaina sy ny serasera, ny filohan'ny fikambanana sy ireo mpanohana sy mpiara-miasa aminy. Ireo rehetra nandray fitenenana dia samy nilaza ny maha zava-dehibe ny fikolokoloana ny kolontsaina, io mantsy no fototra maha Malagasy ary antoky ny fampandrosoana ny Firenena. Ho an'ny Faritra Vakinankaratra dia isan'ny manampy tosika fampandrosoana ny ara-kolontsaina sy ara-koltoraly ny tantsoroka sahanin'ny fikambanana Randra Manohy, ary afaka mampijoro sy maneho ny maha izy azy ny mponina. Haharitra 5 andro ny fankalazana izay ahitana ny hetsika maro loko, nifanindran-dalana tamin'izao fanokafana izao ny varotra fampirantiana izay vokarin'ny ny avy ao amin'ny fikambanana. Manodidina ny 100 ny mpikambana ankehitriny izay salan-taona 5 hatramin'ny 70 taona ary efa 500 eo ny mpikambana efa nandalo tao amin'ny fikambanana.

***Solohery***

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**01/06/19 hatramin'ny 08/06/19**

- **RABARISOA** (Andravoahangy (près BOA ex imm SOLOPRIX) 020 22 229 86/034 07 229 86
- **MAHAMASINA** (Mahamasina) 020 22 545 58/020 22 545 59/034 07 545 58
- **ISORAKA** (Isoraka) 020 22 285 04/020 22 694 12
- **CAPITALE** (Rond point Ankazomanga) 020 24 373 11/033 28 693 88
- **AMPANDRANA** (Ampandrana) 020 22 258 99 / 034 19 341 82

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 918-05-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**AMBATOMENA ANTSIRABE FAHAROA**

# Nandray ny foaraben'ny tantsaha Takalon'Ankaratra andiany faha-6

Hampiroborobo hatrany ny tantsaha eny amin'ny tontolo ambanivohitra ny tanjon'ny hetsika fampirantian'ny foaraben'ny tantsaha Takalon'Ankaratra, izay nifandimby rehetra teto Vakinankaratra. Ny Kaominina ambanivohitra Ambatomena, Distrikan'Antsirabe II ato anatin'ny Faritra Vakinankaratra no nandray ny tsenabe andiany faha enina tamin'ity taona 2019 ity, izay roa andro no hanatontosana ny hetsika. Tonga tany an-toerana ny Lehiben'ny Faritra Vakinankaratra mpisolo toerana, Rakotomahandry Thimoté sy ny Talem-paritry ny Fambolena sy Fiompiana ary ny Jono, nanokatra tamin'ny fomba ofisialy izany hetsika foaraben' ny tantsaha andiany faha enina izany, nahitana ny tompon'andraikitra any an-toerana sy ireo mpandray anjara amin'ny fampirantiana ny trano heva rehetra. Nanodidina ny 30 ireo tranoeva nandray anjara nampiranty ny vokatra tamin'ity andiany faha enina ity niampy ny avy any amin'ny Faritra Analanjirofo. Araka ny nambaran'ny Lehiben'ny Faritra mpisolo toerana dia fampivondronana ireo tantsaha mba tsy ho tompon-trano mihono amin'ny fanatsarana ny vokatra ary fizarana ny traikefa sy fanomezana teknika amin'ny fampiasana masomboly miovaova no anisan'ny tanjona. Fanoitra lehibe ho an'ny tantsaha ny hetsika tahaka izao hoy ihany izy mba hananana ny amby ampy eo amin' ny resaka sakafo. Tanjona dia ahaleotena aratsakafo i Vakinankaratra fa tsy hanafatra intsony. Tombony ho an'ny kaominina Ambatomena ny fandraisana fanindroany ny foaraben'ny tantsaha raha toa ka tamin'ny taona 2013 no nandraisany ny andiany voalohany. Tsapa fa mitombo hatrany ny vokatra noho ny fampiharan'ireo tantsaha ny teknika manaraka ny fenitra sy ny fanatsarana ny masomboly tsara kalitao. Azo tasapain-tanana izany tamin'ny fampirantiana ny vokatra tamin'ny alalan' ireo tranoeva. Tsy mitsaha-mivoatra hatrany ny hetsika satria efa miampy ny avy any amin'ny Faritra hafa ny mpandray anjara, mpanohana ny hetsika hatrany ny FTM/CPM Vakinankaratra na ny" Firaisakinan'ny Tantsaha eto Madagasikara/Coalition Paysannes de Madagascar.

***Lezama***

OCSIF tany Antsirabe

# Nijery ny fiaraha-miasa azo atao amin'ireo mpandraharaha

Nanao fitsidihana ara-pomba ofisialy teto anivon'ny Faritra Vakinankaratra ny OCSIF : « Organisme de Coordination et de Suivi Des investissements et leurs Financements », tamin'ity herinandro ity. Ireo tompon'andraikitra eo anivon'ny rafitra, izay notarihin-Ramatoa Tiana Rahaingohalison, tompon'andraikitry ny sehatra famokarana (Responsable du Secteur Productif OCSIF) eo anivon'ny OCSIF no tonga tany an-toerana. Ny OCSIF dia rafitra miankina eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika ary niforona taorian'ny CBI, na ny «Conférence Internationale des Bailleurs » tamin'ny taona 2016. Ministera 05 no mivondrona ao anatin'ity rafitra ity dia ny Ministeran'ny Fambolena ny Fiompiana ary ny Jono, ny Tontolo iainana sy ny Fampandrosoana Maharitra, ny Fitaterana, Fizahantany ary ny Famantarana ny Toetr'andro, ny Indostria ny Varotra ary ny Asa tanana. Teo ny fanotronan'ny Lehiben'ny Faritra Vakinankaratra Mpisolo toerana sy ireo Tale mpiara-miasa amin'ny DAGT sy ny DDR, ny Talem-paritry ny Tontolo iainana sy ny Fampandrosoana Maharitra. Hanao tatitra mahakasika ny fihaonany tamin'ireo mpandraharaha hoe : inona ny olana sedrainy, inona ihany koa no vahaolana amin' ny fanatanterahana tetik'asa. Nisy ny fidinana ifotony tamin'ireo mpandraharaha teto Antsirabe, nijerena azy ireo sy ny fiaraha-miasa azo atao sy ny efa mandeha ihany koa.

***Solohery***

Tsenaben'ny Fahaleovantena

# Hanomboka ny 19 jona eo amin'ny Parvis Analakely


Hiavaka ny Tsenaben'ny Fahaleovantena izay hanomboka ny 19 jona izao eo amin'ny Parvis Hotel de Ville Analakely, izay tsy hifarana raha tsy amin'ny 25 jona, ankatoky ny fetin'ny fahaleovantena. Tranoeva miisa 200 mahery no hampiranty entana maro samihafa ilaina amin'ny fiainana andavanandro, ny fitafiana, finday sns…. Araka ny nambaran'ny mpikarakara, ny Global Event dia tsy hisy ny vidim-pidirana fa avy hatrany dia afaka manjifa ny entana ireo rehetra tonga ao an-toerana.

***Helisoa***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 283**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0282)

***Mitsivalana***
- Moramora
- Alamo
- Kisoa
- Ity – Vola (Miv)
- Soritra (Miv)
- Zarainao
- Fa (Miv) – Aro

***Mitsangana***
- Mariazy
- Lo (Miv) – Tra
- Rakitra
- Amy – Fay (Miv)
- Mosary
- Olona
- Rasoa (Miv)
- As – OO

## TENY MIFANARAKA N° 283




**Mitsivalana**

**1.** Fampielezan-kevitra **2.** Lovia (Miv) – Tampisaka **3.** Bengy – Tovona (Miv) **4.** Nanangana **5.** Raisina **6.** Tolotra – Hekitara **7.** Kendry – Fafao **8.** Latsa – Kianteny (Miv) **9.** Faritra (Miv) **10.** Bibikely – Matoky

**Mitsangana**

**A.** Zava-maranitra **B.** Mpanoritra anarana – Naoty – Litera roa mifanaraka **D.** Vahoaka ety an-tany **E.** Saka – Milaza fotoana **F.** Andro maizina (Miv) – Tsofoka **G.** Miserana (Miv) **H.** Zava-maitso – Mpanoritra (Miv) **I.** Nahare – Anaty rano **J.** Leha – Daroka K. Mifoha

### Valiny Teny mifanaraka 0282

**Mitsivalana**

1 Fiangonana 2. Kisoa (Miv) 3. Adinay - Ova 4. Voa (Miv) - Ha (Miv) 5. Fa (Miv) - Lavitra 6. Ronono 7. Aoto (Miv) - Roa (Miv) 8. Ar - Nandà 9. Aina - Izay 10. Ina - Voay

**Mitsangana**

A. Sekolinay B. Fo - In D. Ia - Noana E. Nanolotra F. Goavana G. Osy - Voanio H. Ny - Fy - Aza I. Ako - Tianay J. Var(y) - Ody K. Alahatra

**Commune Urbaine d'Antananarivo**

# FAMPAHAFANTARANA

«Antananarivo Renivohitra, soa iombonan'ny Malagasy»




## NY FIADIDIANA NY TANÀNAN'ANTANANARIVO DIA MAMPAHAFANTATRA FA :

**Mba hampizotra tsara ny fanamboaran-dalana izay ataon'ny orinasa COLAS dia harindra toy izao ny fifamoivoizana ny Alatsinainy 03 Jona ka hatramin'ny Alahady 28 Jona 2019 :**

**- Voarara ho an'ny fifamoivoizan'ny fiara rehetra tsy an-kanavaka ny ampahan-dalana amin'ny lalana manomboka eo amin'ny Carrefour Nanisana ka hatreo amin'ny Total Mahazo**

**- Voarara ho an'ny fifamoivoizan'ny fiara rehetra tsy an-kanavaka ny ampahan-dalana amin'ny lalana manomboka eo amin'ny Total Mahazo ka hatreo amin'ny Rocade Ambohimahitsy**

**PS : Ireo fiara avy any Mahazo dia mihodina any Ankerana - Nanisana**

**Ialana tsiny noho ny fanelingelenana**

www.facebook.com/Cserasera/